FOIBE MANERANTANY
ASA FANOMPOAN'NY TANORA ADVANTISTA





# Hain'i Jesosy Miahy anao Izy

Faha 35

Andron'ny Mpisantatra Manerantany

## 18 May 2024

FIVONDRONAMBE RANOMASIMBE INDIANA



# Fizahan-takelaka


- Fiarahabana
- Mahakasika ny Mpanoratra
- Tanjon'ny Andron'ny Mpisantatra
- Soson-kevitra amin'ny Programa
- Manampy ny Fiaraha-monina
- Voady & Lalàna
- Atao ho hita kokoa ny Andron'ny Mpisantatra
- Ireo Toriteny




# Fiarahabana

Manao ahoana daholo isika Mpisantatra mahatalanjona!

Am-pifaliana be no iaraabana antsika amin'izao Andron'ny Mpisantatra maneran-tany izao!

Tafavory isika anio tahaka ny fianakaviana lehibe iray mampifandray ny fo manerana izao tontolo izao amin'ilay lohahevitra hoe:Hain'i Jesosy, Miahy anao izy."

Ny lohahevitra amin' ity taona ity dia tahaka ny famihinana be avy amin' i Jesosy ho antsika tsirairay avy.

Fantatrao ve fa ny Baiboly dia milaza an'i Jesosy ho ilay mpiandry tsara izay mikarakara ny ondrikeliny? Hoy Jesosy ao amin'ny bokin'i Jaona 10:14-15, "Izaho no Mpiandry Tsara; ary fantatro ny Ahy, sady fantany Aho,

15 dia tahaka ny ahafantaran'ny Ray Ahy sy ny ahafantarako ny Ray; ary Izaho manolotra ny aiko hamonjy ny ondry." Tsy mampino ny mahafantatra oe hain'i Jesosy isika ary miahy antsika izy! Tiako ny ahatsiarovanareo fa tahaka ny hikarakaran'i Jesosy ny biby sy ny voninkazo no hikarakarany anao koa.

Eo anilantsika mandrakariva izy mitarika anao sy tianao fatratra. Tsy mahatalanjona ve izany!

Mamporisika anao aho androany, mba hiditra ao amin'ireo hetsika ara-panahy sy ara-mpialamboly izay nomaninay ho anao. Aoka ny fotoana rehetra ho tombontsoa araraotina hanamafisana ny fifandraisantsika amin'i Jesosy sy amin'ny tsirairay. Mivavaka aho mba ho fitahiana ho anareo rehetra sy ny fianakavianareo ary ny fiangonananareo ity andro androany ity. Fantantsika fa ny zavatra rehetra izay ataonao ho an'Andriamanitra dia hitondra tsiky eo amin'ny endrika rehetra!

Aoka ny fitiavana sy ny fifalian'i Jesosy no hanaraka antsika mandrakariva.


Ho an'ny Andian-tafika maneran-tany



Andrés J. Peralta

Asa Fanompoana ny Tanora Foibe Manerantany

# MAHAKASIKA NY MPANORATRA



Dr. Andrés J. Peralta, teraka tao Santo Domingo, Repoblika Dominikana, manana fanandramana 19 taona teo amin'ny asa fanompoanan'ny Mpitandrina hatramin'ny andraikitra maha- talen'ny Mpisantatra maneran-tany ao amin'ny fiangonana Advantista mitandrinana ny andro fahafito. Manana mari-pahaizana licence en théologie tao amin'ny Oniversite Antillaise ao Porto Rico, nanohy ny fianarany nahazoana ny Master of Divinity sy ny Doctorate in Youth Leadership ao amin'ny Andrews University.

Tamin'ny alàlan'ireo andraikitra maro tao amin'ny fiangonana, anisan'izany ny pasitoran'ny Distrika, Talen'ny Departemantan'ny tanora tao amin'ny Federasionan'ny Greater New York, ary talen'ny Asa Fanompoana ny tanora tao amin'ny Inionan'ny Atlantika, no nametrahan'ny Dr. Peralta marika tsy hay kosehina. Amin'ny maha- Lieutenant azy ao amin'ny United States Naval Reserve, dia manam-pahaizana manokana amin'ny Aumônerie eo amin'ny sehatra samihafa izy.

Nahazo sertifikà tamin'ny NOVA i Dr. Peralta ary manome fanohanana ara-psikolojika ireo fiaraha-monina tratry ny loza ara-boajanahary. Amin'ny maha-mpanoratra boky azy toy ny hoe " manova izao tontolo izao" sy " Ilay Ray be fitiavana" ary ekipa Idealin'i Jesosy " dia mandray anjara koa izy amin'ny fanontana ny gazety boky "Youth leadership" ao amin'ny foibe maneran-tany sy ny boky "Handeha aho"

Mavitrika ao amin'ny tambajotra sosialy ary misy mpanaraka mihoatra ny 115,000 ao no izaran'i Dr. Peralta ny firehetam-pony amin'ny Asa Fanompoana ny tanora. Ny ezaka fitoriana ny filazantsara no nitondra azy hitory tany any amin'ny firenenan mihoatra ny firenena 120 natao hitarihana ny tanora ho amin'ny fifandraisana lalindalina kokoa amin'i Jesosy. Manambady an'i Martha Peralta efa mihoatra ny 20 taona, ary mirehareha amin'ireo zanany vavy anankiroa: Melany sy Amy Peralta.



# Tanjon’ny Andron’ny Mpisantatra Maneran-tany

Fankalazana manokana natao hanindriana manokana ny fiantraikan′ity asa fanompoana ity izay mahasoa ny fiainan′ireo ankizy sy ny fianakaviany. Andro manokana hanehoana ny maha-zava-dehibe ny fanabeazana ara-panahy sy ara-pihetsehampo omena ao amin′ny Klioban′ny Mpisantatra. Amin′ny alàlan′io andro io no kendrena ny hamporisika ny fiangonana handray anjara mavitrika amin′ny famolavolana ireo taranaka ho avy, hikolokoloana ny fifandraisana amin′Andriamanitra hatramin′ny fahazazana.

“Hain’i Jesosy, Miahy anao izy” no teny filamatra amin’ity taona ity, mitaratra ny fahatokiana sy ny fandriam-pahalemana tiana ho ampidirina ao. Amin’ny ankizy tsirairay, mampatsiahy azy ireo fa eo ambany fiahiana feno fitiavan’i Jesosy mandrakariva izy. Tsy hoe fankalazana eo an-toerana fotsiny ihany fa tombontsoa fanararaotra hampiray ny Mpisantatra maneran-tany, hanamafy ny fatorana ara-panahy sy hizarana ny fifaliana amin’ny fitarihana ireo ankizy ao amin’ny fitomboana kristiana.

# Soso-kevitra amin'ny Programa

**Fampidirana:** Hafatra fohy manondry ny maha-zava-dehibe ny andron'ny Mpisantatra sy ny lohahevitra "Hain'i Jesosy, miahy anao izy."

**Video:** Fampiasana horonan-tsary mampientanentana hanisana ny fiantombohan'ny fankalazana

**Fiomanana amin'ny filaharana:** Miomana ho amin'ny parady fidirana ivondronan'ireo mpisantatra sy ireo mpitarika anjara.

**Fidirana:** Filaharana miditra miaraka amin'ny mozika sy ny faneva no fanombohana ny hetsika.

**Fiantsoana:** Vavaka fiantsoana ny fanatrehan' Andriamanitra sy ny fitahiany ny hetsika.

**Hiran'ny Mpisantatra:** Fanatanterahan'ny Mpisantatra hira iraisana.

**Voady sy Lalàna:** Mitanisa ny voady sy lalànan'ny Mpisantatra

**Fiarahabana sy Filazana:** Hafatra fiarahabana sy filazana ireo hetsika ao anatin'ny tontolo andro.

**Video fiarahaban'ny Tale:** Alefa ny horonan-tsary misy ny hafatra avy amin'ny Talen'ny Mpisantatra maneran-tany, Dr. Andrés J. Peralta.

**Hira Fanombohana:** Hira mavitrika ho fiderana sy fankalazana

**Vavaka:** Ho fisaorana sy fikatsahana ny fitarihan'Andriamanitra mandritra ny hetsika.

**Fotoana manokana (mety ho hira):** Na feon-java- manokana ataon'ny kliona na mambran'ny fiangonana.

**Vakiteny:** Fotoana fieritreretana amin'ny famakiana ny andinin-tsoratra Masina mifandraika amin'ny dia ara-panahy.

**Ampahafolony sy Fanatitra:** Fanatazana ny ampahafolony sy ny fanatitra ho fanohanana ny klioban'ny Mpisantatra

**Fandaharana manokana (mety ho mozika):** Hira na feon-javamaneno manokana iray hafa raha azo atao

**Toriteny:** (Misafidiana amin'ireo soso-kevitra): Ampiasao ny iray amin'ireo toriteny nataon'i Dr. Andrés J. Peralta na safidy hafa.

**Hira famaranana:** Hira ataon'ny rehetra ho famaranana ny fotoana.

**Vavaka Famaranan:** AVavaka farany ho fisaorana an' Andriamanitra sy hikatsahana ny fitahiana, tso-dràno ho an'ny mpanatrika rehetra.

**FIARAHA-MISAKAFO:** Fotoana fiarahana sy fifaneraserana aorian'ny fotoan-dehibe fanompoam-pivavahana.

Maharakotra ny lafiny ara-panahy: Hira sy mozika ary vavaka ity programa voalanjalanja ity mba ahazoana antoka ny fanandramana mandritra ny andron'ny Mpisantatra.



# Manampy ny Fiarahamonina

Afaka mandray anjara lehibe amin'ny fanampiana ny fiaraha-monina ireo Mpisantatra. Indreto fomba vitsivitsy azon'ny Mpisantatra andraisana anjara mavitrika amin'ny asa soa eo amin'ny fiaraha-monina.

**1 Fanangonana sakafo:**
Mandamina hetsika fanangonana sakafo hozaraina amin'ireo fianakavina sahirana.

**2 Karatra famporisihana:**
Mamboatra karatra ary mandefa izany any amin'ny toeram-pitsaboana sy fitaizana be antitra.

**3 Hetsika fanabeazana:**
Mikarakara hetsika fanabeazana na atrik'asa izay miresaka amin'ireo olana izay mahakasika ny fiaraha-monina. Ao anatin`izany ny ara-pahasalamana sy seminera ho amin'ny fiainana mahasambatra na atrik'asa fianaran'asa.

**4 Ezaka fampahafantarana:**
Mampahafantatra ireo olana lehibe mahakasika ny fiaraha-monina toy fikajiana ny tontolo iainana, ny hatsaram-panahy sy ny tsy fanavakavahana.

**5 Fampianarana mamaky teny sy manoratra:** Manao programa fanentanana mamaky teny sy manoratra ary ny fitiavana mamaky boky eo amin'ny ankizy. Manangana klioban'ny famakiam-boky na fizarana boky ho an'ny sekoly na trano famakiam-boky.

**6 Fizarana fitafiana:** Manangona fitafiana ary mizara izany amin'ireo sahirana.

**7 Fiarovana ny tontolo iainana:**
Fambolen-kazo sy fanangonana ireo fako ary fanadiovana toeram-pitsangantsanganana. Mandray anjara amin'izay zavatra mahasoa ny fiaraha-monina sy ny planeta.

**10 Fizarana fitaovam-pidiovana:**
Manangona fitaovam-pidiovana ary mizara ireny any amin'ireo faritra izay mila izany.

**11 Fanentanana amin'ny Tambajotra sosialy:**
Mampiasa ireo tambajotra sosialy mba hanentanana, izarana ireo tantara feno fahombiazana mba handrisika ny hafa

**12 Manolo-tena an-tsitrampo:**
Amporisiho ireo mpisantatra hanolo-tena amin'ny asa an-tsitrampo. Ny fandraisana anjara amin'ny asa soa eo amin'ny fiaraha-monina no mampivelatra. Toe-tsaina mandray andraikitra sy mifanerasera amin'ny fiaraha-monina.

**13 Mandray anjara amin'ireo hetsika iraisam-pirenenana:**
Mifandray amin'ireo klioban'ny Mpisantatra hafa ary mandray anjara amin'ireo hetsika maneran-tany.

**14 Manombana sy Manatsara:**
Manao fanombanana ny fiantraikany asa fanasoavana ny fiaraha-monina ary misokatra amin'ny fanatsarana miainga amin'ireo tamberina sy ny filàna miovaova eo amin'ny fiaraha-monina. Amin'ny fandraisana anjara mavitrika amin'ireny hetsika ireny no hananan'ny Mpisantatra hery miasa mangina mahasoa eo amin'ny fiaraha-monina sady mampitombo ny toe-tsaina mandray andraikitra sy miantra ny hafa ary fiaraha-miasa ao anatin'ny ekipa.

Mety hisy fiantraikany tsara lehibe sy manorina fifamatorana matanjaka kokoa amin'ny fiaraha-monina ireny hetsika ireny. Ampifandrindrao amin'ny filàna eo an-toerana sy ny zava-misy no mampitombo ny fahombiazany.



# Voady sy Lalàna

**VOADY**

Satria tia ahy Jesosy, dia sitrako ny hanao ny tsara indrindra mandrakariva.

**LALÀNA**

Jesosy dia afaka manampy ahy ho:

- Mankatò
- Madio am-po
- Marina
- Maha te ho tia
- Mahalala fomba
- Malina
- Tia manampy ny hafa
- Faly mandrakariva
- Miahy
- Mahay manaja

# Atao hita kokoa ny Andron'ny Mpisantatra

Mila drafitr'asa stratejika sy famoronana votoaty mahasarika ny fanehoana bebe kokoa ny andron'ny Mpisantatra. Ireto misy soso-kevitra mba hanatsarana ny fahitana ny andron'ny Mpisantatrao eo amin'ny tambajotra-tserasera:

1. **Miomana**

Tokony mahazo alalana avy any amin'ny ray aman-dreny ny Lehibe mba ahafahana mandefa sarin'ireo ankizy eny amin'ny tambazotra-tserasera, mifanaraka amin'ny lalàna eo an-toerana. Homanina mialoha ny fahazoan-dalàna, ahafahan'ny ankizy mandray anjara amin'ny hetsika voarakitra rehetra.

2. **Mamorona Hashtag:**

Mamorona Hashtag miavaka sy manintona ho an'ny fankalazana ny Andron'ny Mpisantatra ataonareo. Mamporisika ireo mpandray anjara hampiasa an'izany hashtag is amin'ny zavatra alefany mba hisian'ny firaisana eo amin'ny tambajotra.

3. **"Mpisantatra ao an-tokantrano" Sary fihaikana (Challenge):**

Asao ny fianakaviana mba hizara sary manokana sy miavaka amin'ny fankalazany ny andron'ny Mpisantatra any an-tokantrano ary asio hashtag# izany.

4. **Live Streaming:**

Manaova horonantsary mivantana ao amin'ny Facebook, Instagram, na YouTube mba hampitana ireo hetsika sy lanonana mivantana. Izany no ahafahan'ny mpanaraka virtoaly mandray anjara mivantana.

5. **Mandefasa zavatra manaitaitra mialohan'ny fotoana:**

Ataovy izay hisian'ny fientanentanana amin'ny fandefasana zavatra manaitaitra na ny fanisana mianotra mialohan'ny Andron`ny Mpisantatra. Zarao ireo fanomanana any ambadiky ny sehatra na horonantsary fohy mampientanentana.

6. **Mifandraisa amin'ireo mpanaraka anao:**

Valio ireo fanamarihana (*commentaires, likes, et partages*). Mifandraisa amin'ireo mpanaraka amin'ny fametrahana fanontaniana sy mamporisika azy ireo hizara ny fanandramany na manao fanadihadiana mahakasika ny Andron'ny Mpisantatra.

.

7. Interviews atao amin'ny ankizy sy ny Ray aman-dreny

Manao interview virtuel amin'ireo ankizy sy Ray aman-dreny ao amin'ny klioban'ny Mpisantatra mba hizara ny fanandramany sy izay tena ankafiziny indrindra amin'ny maha-mpikambana azy ao amin'ny klioba. Zarao ao amin'ny tambajotra sosialy izany.

8. Contenu généré par les utilisateurs:

Amporisiho ireo mpandray anjara mba hamorona sy hizara ireo zavatra nataony. Ao anatin'izany ny sary, horonantsary na story an'ireo fanandramana amin'ny Andron'ny Mpisantatra. Zarao eo amin'ny pejy ofisialy izany.

9. Fanentanana zo amin'ny sehatra isankarazany (Platforms):

Asio fanentanana mahakasika ny Andron'ny Mpisantatra eo amin'ny tambajotra serasera samihafa.

10. Hetsika mampiavaka

Fintino na tsindrio manokana izay nampiavaka io hetsika io sy izay tena tsy tokony hohadinoina velively tamin'io andro io.

11. Fifaninanana sy fihaikana (Challenges):

Manaova fifaninana sy challenge izay hamporisika ny mpandray anjara ho tia karokaroka sy hizara izany ary omena loka ny mpandresy.

12. Filtres et cadres personnalisés:

Mamorona filtre sy cadre ho an'ny tambajotra izay azon'ny mpandray anjara ho ampiasaina. Hahafinaritra izany sady hampiavaka ny zavatra nataony tenany manokana.

13. Mizara fijoroana vavolombelona sy tantara:

Zarao ireo fijoroana vavolombelona sy tantara avy amin'ireo Mpandray anjara, mpitarika ireo olona eo amin'ny fiaraha-monina izay nahazo tombontsoa tamin'ny hetsiky ny Mpisantatra. Tena misy akony tsara eo amin'ny tambajotra ireo tantara tena nisy.

14. Famintinana aorian'ny hetsika

Aorian'ny hetsika dia asio recap na

Famintinana ireo zava-niseho

ireo zavatra niavaka sy ny antontan'isa ary ireo hafatra fisaorana. Mihazona ny fahalianana izany ary manampy ireo tsy naharaka hahafantatra ny zavamisy

### 15. Postes programmés:

Manaova sy fandaharana mialoha ireo zavatra tianao handeha ara-potoana sy ho hita tsy mitsahatra eo amin'ny tambajotra. Ampiasao ny fitaovana voatokana amin'izany mba ho azo antoka ny fandehanan'ny vaovao ara-potoana mialoha sy mandritra ny Andron'ny Mpisantatra.

### 16. Stand d'information

Asio trano heva fampirantiana eo ampidirana izay misy ireo fitaovana mahakasika ny klioban'ny Mpisantatra.

### 17. Efijery Lehibe fanehoana sary:

Manao tabilao na efijery hanehoana ny sarin'ireo hetsika nataon'ny klioban'ny Mpisantatra teo aloha sy amin'izao fotoana izao.

### 18. Fampihaingoana ny fiangonana:

Aoka ny fiangonana ho ravahana amin'ny sary maneho ny mpisantatra miaraka amin'ny lohahevitra (thème) mba anehoana fa miendrika fety ny tontolo manodidina.

Mety hisy fiantraikany goavana eo amin'ny tambajotra serasera sy ny fiangonana eo an-toerana ny fampitomboana ny fahitana ireo hetsika amin'ny andron'ny Mpisantatra.
Soso-kevitra sy famporisihana ireo izay azo amboarina tsara hifanaraka amin'ny fahefa-manao sy ny fahavononan'ny fiangonana eo an-toerana na ny saha.

Toriteny 1

# Hain'i Jesosy Miahy anao izy

### Vavaka Fanombohana:

Rainay izay any an-danitra,

Jesosy Malala ô mandohalika eto anatrehanao izahay amin'ny fisaorana sy fankasitrahana. Amin'izao fotoana manokana izao dia mangataka ny fitarihana sy ny fanatrehanao raha hihaino ny hafatra manandanja avy Aminao amin'ity maraina ity. Enga anie ny teny rehetra mba hitaratra ny fitiavanao sy ny fikarakaranao. Amin'ny anaran'i JESOSY no hanononana ny vavaka. Amen.

### Tantara ao amin'ny Baiboly – Hain'i Jesosy

Vakio (Matio 8:23-27).

Androany isika dia hihaino tantara iray izay mampianatra antsika ny hery mahagaga sy ny fikarakaran'i Jesosy! Vonona ve ianao handeha hiantsambo miaraka amin'I JESOSY sy ireo namany? Mahafinaritra!

Alaivo sary an-tsaina anie ny masoandro mamiratra eny amin'ny lanitra, ary ny renirano maneho ny taratr'ilay masoandro. Ao anaty sambo miaraka amin'i Jesosy ianao, mankafy ilay fitsangatsanganana amim-piadanana. Tampoka teo anefa, toy ny hoe misy zavatra tsy hita maso mamaly ny natiora, misy tafiodrivotra mitranga. Mandrivotra be ny andro ny onjan-drano mitopatopa izay tsy izy, ary ireo naman'I Jesosy tora-kovitra aok'izany.

Eo I Jesosy, any amin'ny faran'ny sambo, matory ampilaminana. Alaivo sary an-tsaina izany! Ny tafio-drivotra misafotofoto manodidina Azy, fa Jesosy matory. Ireo namany, torakovitra, mamoha azy, niteny hoe: "Jesosy a! ampio izahay, matahotra be izahay!" Ary inona no nataon'I Jesosy? Am-pahatoniana izay Izy irery no manana azy, niarina Izy ary nibaiko ny tafio-drivotra mba ho tony. Dia tanteraka izany! Nitsahatra ny rivotra, ny onjan-drano nitony, ary niverina ny fiadanana teo amin'ilay rano. Andray izany herin'i Jesosy eo amin'ny zava-boary e!!

Fa ao ambadik'izany hery lehibe ananan'I Jesosy izanym dia mampianatra antsika zavatra lalina kokoa ity tantara ity. Maneho amintsika izany fa ao anatin'ny tafio-drivotrin'ny fiainana, eo mandrakariva i Jesosy. Alaivo sary an-tsaina anie ny nahazo ny naman'i Jesosy rehefa nitsoka mafy ny rivotra ary nitopatopa be ny onja nikapokapoka ny sambo e! Fa teo i Jesosy, mahalala hatrany ny tokony hatao!

Ary ny tena mahatalanjona tokoa ry namana dia izao: miaraka amintsika ihany koa i Jesosy rehefa miatrika ny tafio-drivotra eo amin'ny fiainantsika isika. Na olana any am-pianarana, na mahatsiaro irery tsisy namana, na izay haika rehetra mety ho hatrehintsika e! Eo Jesosy, fantany foana ny tokony hatao ary mikarakara hatrany Izy!

miaraka amin'ny heriny manoloana ny tafiotra, mampianatra antsika fa na mafy toy ny ahoana aza ny tafiotra hatrehintsika eo amin'ny fiainana, dia vonona hatrany Izy ny hikarakara antsika. Mahazo matoky isika satria tiany tokoa anie isika e! Koa, ry namako kely, amin'ny fotoana izay mampahatahotra anao na hiatrehanao toe-javatra sarotram tadidio ity tantara mahafinaritra be ity. Hain'I Jesosy, miahy anao Izy.

## Iza no mahalala kokoa?

Toy ireo mpianatra tao an-tsambo, indraindray, rehefa mahatsapa matahoatra na manahy isika, dia makany amin'ireo ray aman-drenintsika, ny mpampianatra, na namana mba hilaza amin'izy ireo ny zavatra miseho, sa tsy izany? Fa ahoana hoy ianao raha milaza aminao aho hoe misy olona iray mahalala ny mombantsika rehetra, eny na mbola tsy misokatra akory aza ny vavantsika? Tsy iza izany olona iray izany fa Ilay namantsika Mahagaga dia I Jesosy!

Hevero ho"superhero"(mahery fo) antsika manokana i Jesosy. Efa nahita "superhero" (mahery fo) teo ampanaovana ny asany ve ianao? Izy ireo dia vonona mandrakariva ny hanampy antsika amin'ny toe-javatra rehetr, fa I Jesosy ary mbola manohatra lavitra noho izany satria Izy mahalala amin'ny antsipirihany hoe inona no tena ilaintsika. Na dia sahiran-tsaina aza isika ny amin'ny zavatra mitranga manodidina antsika na rehefa mahatsapa isika fa tsy misy mahazo ny manjo antsika ny olona, Jesosy dia eo ho antsika. Mahalala antsika tsara nohon'ny olona rehetra Izy ary vonona handray an-tanana sy hitia antsika hatrany.

Hoy ny Lioka 12:7, fa na dia ny volon-dohanareo aza dia voaisa avokoa. Mampino ve izany? Fantatr'Andriamanitra hoe firy ny isan'ny volo eo an-dohanao! Mampatsiahy i Lioka mba tsy atahotra satria sarobidy noho ny tsintsina izay karakarain' Andriamanitra isika. Moa ve tsy mahafinaritra izany?

Ataovy hoe "Superhero" (mahery fo) iray anie Jesosy e, ilay tsy mba mila filazana loza manokana vao mahalala hoe mila vonjy isika. Ahoana ny hanaovany an'izany  Satria Jesosy mahalala ny tsipirihiny rehetra amin'ny fiainantsika, na dia mbola tsy azontsika an-tsaina akory aza. Hainy ny hevitsika lalina indrindra sy ny fahatsapana lalina hananantsika ihany koa. Tsy tena mahafinaritra tokoa ve ny manana namana toy izany eo amin'ny fiainana hoy ianareo?

Tena mahafinaritra tokoa aloha ny ray aman-drenintsika sy ireo namantsika ireo, fa JESOSY dia toy ny "superhero" manokana izay mahafantatra hatrany ny zava-misy rehetra eo amin'ny fiainantsika. Ary hainao ve hoe nahoana Izy no tena manokana be toy izany? Satria JESOSY dia namantsika akaiky indrindra! Afaka lazaintsika Azy avokoa ny fifaliantsika rehetra, ny alahelontsika rehetra, ny tahotsika rehetra, ny zavatra rehetra

mihintsy e! Ary ny tena mahafinaritra dia eo mandrakariva Izy, mihaino anao amim-pitiavana tsy misy fepetra.

Amin'ny fotoana manaraka izay mety hahavery hevitra na hampatahotra anao, dia tadidio fa mahalala mandrakariva izay fahatsapana ao anatinao Jesosy ka vonona hatrany ny hikarakara anao. Koa ry namako kely isany, matokia fa manana namana akaiky (Meilleur ami) sy mahery fo (Superhero) izay tsy mba mety resy ianao.

## Mikarakara ny andian'ondry:

*Tantarao ilay fanoharana momba "Ilay Mpiandry Tsara" (Jaona 10: 14-15)*

Alaivo sary antsaina hoe eo amin'ny toerana fiandrasana ondry iray isika, feno voninkazo maro loko ary bozaka malefaka tsara ery. Ianao kosa dia ondry kely, ary izaho kosa hanao mpiandry ondry! Fa tsy toy ny mpiandry ondry mahazatra: fa JESOSY, ilay Mpiandry Tsara antsika, ilay tsy manampaharoa.

Ao amin'ny Baiboly, Jaona 10 : 14-15, Jesosy dia milaza : "Izaho no Mpiandry Tsara ; ary fantatro ny Ahy, sady fantany Aho _ dia tahaka ny ahafantaran'ny Ray Ahy sy ny ahafantarako ny Ray; ary Izaho manolotra ny aiko hamonjy ny ondry." Tsy mahafinaritra ve ny mahalala izany hoe JESOSY dia mahalala antsika manokana, toy ny hoe namana akaiky be ?

Zao isika dia hanao ankiafina. Ny sasany aminareo hanao ondry kely, ary ny sasany hanao mpiandry ondry ! Rehefa miafina ilay ondry kely, ilay mpiandry ondry (JESOSY) dia hitady azy ireo ampitiavana be. Tsapanareo ve izany fifaliana izany ? JESOSY dia mahalala ny tsirairay avy aminareo amin'ny anarana, mitovy amin'ny hoe namana izay eo akaiky eo foana !

Eritrereto anie hoe very ilay ondry kely iray e. Tena loza ! Fa aza matahoatra anefa satria JESOSY, Ilay Mpiandry Tsara, dia Mahita mandrakariva. Hoy Izy hoe :
"Fantatro ny ondriko, ary ny ondriko mahalala Ahy." Hain'I Jesosy loatra isika ka hainy na dia mahatsapa ho very sy matahoatra mafy aza isika. Ary ny tena tsy mapino dia ny hoe manolotra ny ainy hamonjy antsika mihintsy aza Izy. Fitiavana tsara loatra izay miaro sy mikarakara antsika mandrakariva !

Amin'izao, raha manao ankiafina isika na Mahita ondry kely na aiza na aiza, tadidio JESOSY, Ilay Mpiandry Tsara antsika, ilay mikarakara antsika mandrakariva. Afaka mahatoky ianao fa hitarika anao sy haneo fitiavana anao Izy amin'ny dingana rehetra hataonao.

## Tsianjery:

Andeha isika hamaky andininy ao amin'ny Baiboly izay manokana tokoa ka manampy antsika hahatsiaro izany fahatsaran'I JESOSY izany. Ao amin'ny bokin'ny Salamo no nangalantsika ilay andininy, Salamo faha 23, andininy 1. Izao no voalaza "JEHOVAH no Mpiandry ahy, tsy hanan-java mahory aho." Io andininy io dia mampatsiahy antsika fa toy ny namantsika akaiky sy Mpiandry antsika ihany koa i Jesosy, izay mikarakara antsika hatrany ary miantoka fa manana izay ilay rehetra isika. Ary hainareo moa? Afaka tehirizinareo ao am-po izany toko sy andininy izany.

Rehefa mahatsiaro matahotra na manahy ianareo, tadidio fa JESOSY, Ilay Mpiandry Tsara, dia eo mikarakara anao sy mitia anao. Tena manokana tokoa izany!

### Famaranana :

Tena nahafinaritra tokoa ny nianatra momban'i Jesosy e! Tadidinareo ve ilay tantaran'ilay sambo sy ny tafio-drivotra ? Mahalala ary mandray antanana antsika foana Jesosy. Na lehibe toy ny ahoana aza ny tafio-drivotra eo amin'ny fiainantsika, vonona hatrany JESOSY ny hikarakara antsika. Koa, andeha isika tsy hatahotra! Jesosy dia tia antsika ary mikarakara antsika fatratra.

Hainareo ihany koa ve? Jesosy dia tsy "superhero" (mahery fo) antsika ihany fa namantsika akaiky ary Mpiandry antsika ihany koa. Hainy hatrany ny zavatra ilaintsika, mahalala antsika mihoatra an'iza n'iza, ary vonona hatrany ny handray antanana antsika. Afaka ny hatoky Azy amin'ny fotoana rehetra eo amin'ny fiainantsika isika.

### Vavaka:

Andeha isika hanakipy ny masontsika ka hiresaka amin'I JESOSY amin'ny alalan'ity vavaka ity:

" Jesosy malala o! Misaotra anao ny amin'ny fikarakarana anay mandrakariva, na dia tsy azonay aza ny zavatra miseho. Ampio izahay hahatoky Anao sy hahatsiaro fa eo foana ho anay Ianao. Misaotra ny amin'ny maha Mpiandry Tsara anay Anao sy namanay akaiky ihany koa. Amen."

Ry namako, tadidio hatray fa JESOSY dia vonona mandrakariva ny hihaino ny vavaka hataontsika ary hikarakara antsika. N'inona n'inona hatrehinao, eo mandrakariva Izy!

Toriteny 2

# Ambany helany:

### Vavaka fanombohana:

Rainay izay any an-danitra o,

JESOSY Malala, misaotra Anao izahay ny amin'izao fotoana iarahanay izao. Faly tokoa izahay raha hianatra ny momban'ny fitiavanao sy ny fikarakaranao. Sokafy ny fonay ary ampio izahay hahatakatra ny fomba hanovanao ny fiainanay amin'ny alalan'ny fahalalana anao sy ny fikarakaranao.

Amin'ny anaran'i Jesosy no ivavahanay.

---

Amen.

### Vakiteny fototra:

Vakio (Filipiana 4:6-7).

### Fampidirana:

Miarahaba antsika namana rehetra! Salama ve ianareo androany? Tonga eto isika hianatra zavatra mahafinaritra be iray momba ilay namantsika mahafatrapo JESOSY.
Efa mba nisy andro iray ve niainanareo hoe manahirana be daholo ny zavatra rehetra? Mety hoe nisy olana kely tany ampianarana na mety hoe nisy tahotra tonga tampoka tao anatinareo. Eny ary, androany isika dia hijery tantara izay hampianatra antsika fa na manahirana toy ny ahoana ny toe-javatra, dia hain'I JESOSY foana ary vonona mandrakariva Izy ny hikarakara antsika.

Alaivo sary antsaina anie hoe any anaty ala iray feno hazo lava be sy from-borona kely. Maheno rivotra mitsoka malefaka ary mandre feona rano mikoriana. Fa rehefa mamakivaky ilay ala isika, Dia Mahita fa feno aloka be dia be ary zava-misakana maro ihany koa eo amin'ny lalana diavintsika. Indraindray, ny fiainana dia mety ho toy izany, sa tsy izany ? Feno zavatra izay tsy azontsika ka mahatonga antsika hahatsapa tena ho very kely aza.

Androany, ny fiarahantsika dia hanampy antsika hahalala hoe ahoana, ao anatin'ny aloka sy ny fihaikana, JESOSY dia manasa antsika haka aina ao ambanin'ny helany izay miaro antsika. Andeha ho zahantsika ny tantara ao amin'ny Baiboly izay maneho

antsika fa Jesosy dia fialofana azo antoka, vonona mandrakariva ny hikarakara antsika, hitarika antsika, ary hitia antsika. Koa, vonona ve isika hiaina tokoa izany hoe "Ao ambany helany: Hain'I Jesosy, miahy anao Izy".

Hanombohantsika azy, te hizara aminareo toko sy andininy iray aho. Filipianina 4:6-7 "Aza manahy na inona na inona; fa aoka ny fivavahana sy ny fifonana mbamin'ny fisaorana no ho entinareo manambara ny fangatahanareo amin'Andriamanitra amin'ny zavatra rehetra. Ary ny fiadanan'Andriamanitra, izay mihoatra noho ny fahalalana rehetra, hiaro ny fonareo sy ny hevitrareo ao amin'I Kristy Jesosy."

## Famelabelarana: Jaona 6: 1-14

Andeha isika hiaraka hiverina kely amin'ny fotoana iray _ manoloana olona marobe noana isika! Eny, tantara momba ilay fampitomboana ireo mofo sy hazandrano isika! Nampianatra olona maro be JESOSY, ary rehefa hariva ny Andro, noana avokoa ny olona. Hevero anie izany, olona be dia be noana! Fa tsy mba nanahy JESOSY. Nanontany ireo namany Izy raha manana zavatra azo hohanina izy ireo, mofo dimy sy hazandrano roa ihany no nisy. Mofo dimy sy hazandrano roa ve no ho an'ny vahoaka noana! Mba mampino ve izany?

Eto anefa no tena mahafinaritra. Noraisin'I Jesosy ireo mofo dimy sy hazandrano roa ireo, nijery ny lanitra Izy, nisaotra an'Andriamanitra, dia nanomboka nizara izany. Hainareo hoe inona no niseho? Tsy mampino, nihinana ny olona rehetra ary voky! Tsy izany ihany, fa mbola nisy sobika feno ambiny. Ahoana no fomba hisehoan'izany? Satria Jesosy mahalala hoe ahoana no fomba ampandehanana ny zavatra rehetra.

## Ny "Puzzle" an'ny fiainantsika

Alaivo sary antsaina hoe isika dia toy ny "puzzle". Misy singa maromaro, misy faly, misy malahelo, misy mora, ny sasany sarotra. Ary indraindray, mahatsiaro isika hoe tsy misy tsy mety tafiditra ireo singa. Fa ny zavatra mahafinaritra anefa dia i Jesosy mahalala hoe ahoana no hahatafiditra ny singa tsirairay avy miaraka eo amin'ny fiainantsika. Na dia toy ny hoe tsy misy dikany aza ny zavatra hataontsika, hain'I Jesosy ny mampandeha ny zavatra rehetra.

Ary indraindray, ny fiainantsika dia toy ireo mofo dimy sy hazandrano roa ireo. Toy ny hoe tsy ho ampy izany, kanefa isika tsy afaka manohatra firy. Fa rehefa apetrantsika izay kely hananantsika eo antanan'I JESOSY, dia afaka hanao zava-mahagaga isika. Hain'I JESOSY ny mandray an-tanana ny fiainantsika ka mamokatra zavatra tsara avy amin'izany.

## Manjono miaraka amin'I Jesosy

Andao anie isika hanao kilalao iray e! Alaivo sary an-tsaina hoe miaraka manjono amin'i JESOSY isika.

Eritrereto hoe ianareo tsirairay avy manana taratasy kely misy sarina trondro ao aminy. Eo amin'io trondro io, tiako raha soratanareo eo ny zavatra mampatahoatra anareo na zavatra izay tena tianareo. Avy eo de andeha hataontsika anatin'ity harona kely ity ireo trondro ireo, toy ilay sobika nametrahana ireo ambiny tao amin'ilay tantara momban'ny nampitomboana ny mofo sy ny trondro! (Manàna harona eny ambony pilipitra miaraka amina fanomezana miafina)

Rehefa apetrantsika eo antanan'I Jesosy ny fisaorantsika sy ny tahotra ao amintsika, Izy kosa hanova izany hoe lasa zavatra mahafinaritra (Avoahy ilay fanomezana). Toy ilay trondro tao amin'ny tantara izay navadiny ho lasa sakafo ho an'ireo vahoaka marobe, ny fisaorantsika sy ny tahotra ao amintsika dia afaka avadik'I Jesosy ihany koa ho lasa fitahiana ho an'ny olona marobe.

Andeha hiarahantsika mijery sy mamaky ny Matio 11:28 "Mankanesa aty amiko, ianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana, fa Izaho no hanome anareo fitsaharana." Io toko sy andininy io dia mampatsiahy antsika fa rehefa mahatsiaro reraka isika na matahoatra, dia eo Jesosy mba hiahy antsika sy hanome antsika fitsaharana.

## Famaranana:

Tsapanareo ve hoe tena mahafinaritra tokoa Jesosy? Miahy antsika Izy amin'ny fomba tsy takatrin'ny saina! Na ny fampitomboana ireo mofo sy hazandrano na ny fiahiana antsika amin'ireo fotoana sarotra iainantsika, eo foana I Jesosy. Toy ny namadihany ny mofo dimy sy hazandrano roa ho lasa zavatra goavana dia afaka ny hanatanteraka ny toy izany eo amin'ny fiainantsik ihany koa Izy. Mandray ny tahotra ao amintsika ary manova izany ho lasa fitahiana ho antsika sy ny hafa Izy.

Mialohan'ny handehanantsika dia tiako ny hampatsiahy anareo hoe : JESOSY dia mahalala hatrany ny zavatra ilaintsika, ary vonona hatrany ny hiahy antsika Izy. Amin'ny fotoana manaraka izay hatahoranao na hahareraka anao, dia tsarovy ity tantara ity.

## Vavaka famaranana:

Izao dia hiaraka hanakipy ny masontsika isika ka hisaotra an'I JESOSY nohon'ny fahaizany sy ny fikarakarany antsika. Ary koa afaka milaza amin'I JESOSY isika ny amin'ireo zavatra mampanahy antsika rehetra. Tadidio fa afaka mahatoky Azy isika satria JESOSY dia mikarakara antsika mandrakariva. Andeha hiaraka hivavaka isika !

"Jesosy Malala o. Misaotra anao mahalala hatrany ny zavatra ilainay. Misaotra anao miahy anay toy ny nataonao tamin'ireo vahoaka marobe niaraka tamin'ireo mofo sy hazandrano. Ampio izahay hahatoky anao amin'ny fotoana izay hahatahoranay sy hahatrerahanay. Misaotra fa namana sy mpiahy anay ianao.

Amen."

Toriteny 3

# Jesosy, ilay Namana mpiahy

### Vavaka fanombohana:

JESOSY Malala o! Misaotra Anao ny amin'ity Andro ity ary koa ny fanomezana anay fahafahana mianatra misy misy kokoa momba Anao. Ampio izahay hahatakatra fa mahalala ny zavatra rehetra momba anay Ianao ary miahy anay mandrakariva.

Amen.

### Vakiteny fototra:

Vakio (Salamo 139:1-2).

---

### Fampidirana:

Miarahaba antsika mpisantatra rehetra ! Tena faly tokoa aho androany raha hiresaka aminareo zavatra tena mahatalanjona iray. Mahalala ny zavatra rehetra JESOSY ary vonona mandrakariva ny hiahy antsika! Makà sary an-tsaina "superhero"(mahery fo) iray anie izay mahalala tsara ny momba ny namany ary vonona hatrany ny hiaro azy. Eny ary fa hiresaka aminareo olona iray izay tsara lavitra nohon'ny "superhero" (mahery fo) aho. Tsy iza izany fa i Jesosy!

### Fampidirana:

### Taratasy miafin'I Jesosy:

Akipio ny masonareo, andeha isika hiaraka hiaina fotoana manokana iray. Alaivo sary antsaina izao, raha nanokatra ny "email" anao ianao, dia nahita taratasy iray nosoratana ho anao manokana. Fa tsy mitovy amin'ny taratasy rehetra izy io; fa taratasy manokana nosoratan'I JESOSY. Ao amin'io taratasy io, dia lazainy ao avokoa ny zavatra hitany rehetra ao anatin'ny fonao, ny fifaliana izay mahatonga anao mihomehy sy ny zavatra mahakasika anao manokana izay mampitsangana anao tampoka rehefa matory amin'ny alina iny. Tsapanareo ve izany fientanentanana be izany? Tena mampidobodoboka ny fo be mihintsy izao ny mandray karazana taratasy toy izany!

Anio ary, sokafy ny maso satria vaovao tsara iray ny hoe miresaka amintsika isan'andro isan'andro I Jesosy amin'ny alalan'ny teniny dia ny Baiboly izany. Ao no ampahafantarany antsika ny fitiavany lalina, ny fahalalany lalina

ihany koa ny amin'ny momba antsika tsirairay avy. Mitovy amin’ny mandray ilay taratasy manokana, andeha ho tsarovantsika ihany koa fa Jesosy dia mahalala ny antsipirihany rehetra eo amin’ny fiainantsika. Manomboka amin’ny hehy mafy hataontsika ao antrano hatramin’ny ranomaso izay alatsantsika mangina rehefa alina ny andro, manatrika izany Jesosy.

Eritrereto ny taratasim-pitiavana tsara indrindra mety ho azonao. Ankehitriny dia ampitomboy (multiplication) amin’ny mandrakizay izany, izany no lazain’I Jesosy amintsika ao amin’ireo pejy tsirairay avy ao amin’ny Baiboly. Ao amin’ny Jeremia 31:3 izao no lazain’I Jehovah “Fitiavana mandrakizay no nitiavako anao, izany no nampaharetako famindrampo aminao.” Alaivo sary antsaina izany eo amin’ny teny tsirairay ao amin’ilay taratasy tany amin’I Jesosy ho anao. Mandrakizay ny fitiavany, ary tsy mivadim-pitokisana Izy.

Koa ry namako kely isany, raha mamaky ny Baiboly isika dia andeha ho tsarovantsika hatrany fa toy ny hoe manokatra taratasy manokana avy amin’I Jesosy isika. Ao amin’ny Baiboly no hitenenany amintsika, hanohoany ny fitiavany amintsika, ary hanehoany ny fahalalany antsika mihoatra nohon’ny fahalalan’iza n’iza antsika. Tombotsoa lehibe tokoa ny manana halalana amin’izany tenin’Ilay Tompontsika izany!

## Miahy an'ilay malemy i Jesosy:

Handeha isika hifantoka amin’ny tantara mahafinaritra be iray ao amin’ny Baiboly. Hevero an-tsaina, lehilahy iray miatrika toe-java-tsarotra iray, tsy afaka mandeha izy. Kanefa kosa dia manana namana be finoana be izy izay maniry ny hitondra azy any amin’izay misy an’I JESOSY. Kanefa, tsy nampoizina! Feno olona marobe ny varavarana, ary toy ny hoe tsy ho afaka hakeny amin’I JESOSY mihintsy izy ireo. Inona no nataon’izy ireo? Tsy kivy izy ireo. Nandeha niakatra tany amin’ny tapon-trano izy ireo, nanala ny sasany tamin’ireo taila, ary nandatsaka moramora ilay lehilahy ho eo alohan’I Jesosy. Toe-javatra mahafinaritra ery izany!

Ao amin’ny Lioka 5:20-24, JESOSY nahita ny finoan’ireo namany ireo, dia tsy nanasitra azy irery ihany fa namela ny helony ihany koa. Moa ve tsy fanehoana mahafinaritra ny fitiavana sy ny fiahian’I JESOSY izany ? Tsy mijery ny ilaintsika ara-nofo ihany JESOSY fa tena mihevitra lalina ny amin’ny fahasalamantsika ara-panahy indrindra indrindra. Mahafinaritra ny mahafantatra fa miahy ny tenantsika manontolo i Jesosy.

Mampianatra antsika ny tatara fa tsy misy afaka manakana ny fitiavan'i Jesosy. Hitany ny tolona, fetra sy tsy fahalavoriana ananantsika, nefa tiany sy ahiany foana. Toy ny fiahian’I Jesosy an’ilay lehilahy malemy, no hiahiany antsika tsirairay avy ihany koa. Fampiononana toy ny ahoana re ny mahafantatra izany hoe vonona mandrakariva ny hanasitrana sy hamela ny helontsika Jesosy!

## GPS an'i Jesosy:

Andeha anie isika hiaraka hitsangatsangana. Alaivo sary antsaina hoe miaraka mandeha fiara amin’ny namanao ianao, mandefa “radio” ary tsy handry izay hahatongavana. Efa nandeha nitsangatsangana ve ianao? Inona avy no tena ilaina? Anisan'ny tsy maintsy ho entina ny GPS na sarintany. Eritrereto zavatra iray lehibe lavitra noho izany : JESOSY no ho GPS (mpanoro lalana). Eny, Mpitari-dalana manokana tsy manampaharoa.

Ao amin’ny Baiboly, ny bokin’ny Ohabolana 3:5-6 dia milaza hoe "Matokia an'I Jehovah amin'ny fonao rehetra, fa aza miankina amin'ny fahalalanao. Maneke

Azy amin'ny alehanao rehetra, fa Izy handamina ny lalanao" Hevero anie hoe io toko sy andininy io no to tari-dalana avy amin'ilay GPS (mpanoro lalana) e! Milaza amintsika izany mba hahatoky an'I JESOSY amin'ny dingana rehetra eo amin'ny fiainantsika. Ary tsy izay ihany fa raha manaiky Azy amin'ny hataontsika rehetra isika dia hitarika ny dingana rehetra hataontsika Izy.

Rehefa mampiasa GPS isika rehefa misy dia aleha, dia manampy antsika hahita ny lalana marina tokony aleha izany, eny na dia manao fahadisoana aza isika. JESOSY dia manao toy izany koa eo amin'ny fiainantsika. Hainy ny fiolanana rehetra ary ny sampanana rehetra izay hivilianantsika. Ao amin'ny Salamo 32:8, Andriamanitra dia milaza hoe : "Hanome saina anao sy hampianatra anao izay lalan-kalehanao Aho; hitsinjo anao ny masoko ka hanolo-tsaina anao Aho." Tena mahafinaritra tokoa ny mahafantatra fa tsy irery isika mandritra izao dia izao, fa JESOSY dia mitarika antsika ary manome toro-hevitra antsika isam-potoana!

Ankehitriny, eritrereto ny andro izay nahatsiarovanao ho irery na very hevitra, toy ny rehefa miteny ny GPS (mpanoro lalana) hoe "Recalculating" (miverina mikajy) Eo JESOSY ho antsika amin'ireny fotoana ireny ihany koa. Ao amin'ny Jaona 14:6, JESOSY dia manao hoe "Izaho no lalana sy fahamarinana ary fiainana. Tsy misy makany amin'ny RAY afatsy amin'ny alalako." Izy no lalana mitondra antsika ho any amin'Ilay Ray izay any an-danitra, ary raha nisy fotoana isika very, miverina manao ny kajy Izy ka mampahafantatra antsika ny fomba hiverenana amin'ny lalana marina indray. o ihany koa, ao amin'ny Jeremia 29:11, dia manome toky antsika Andriamanitra: "Izaho mahalala ny hevitra hiheverako anareo dia hevitra hahatonga fiadanana fa tsy loza mba hananananareo fanantenana ny amin'ny farany." Jesosy, ilay "GPS" (mpanoro lalana) masina ho antsika, tsy nitarika antsika amin'izao fotoana izao ihany fa mahalala ary koa manana hevitra hiheverana antsika ho amin'ny ho avy.

Tsy mahafinaritra loatra ve ny manana an'I JESOSY hoe "GPS" (mpanoro lalana) antsika? Mahalala ny fiolanana rehetra eo amin'ny fiainantsika Izy, manome antsika lalam-pahendrena amin'ny alalan'ny teniny, ary mitarika antsika ho amin'ny ho avy feno fanantenana. Andeha hahatoky an'I JESOSY hatrany, Ilay Mpitari-dalana manokana tsy manampaharoa, amin'ny dingana rehetra. Ary ankehitriny, andeha handroso am-pifaliana amin'ny fahalalana fa ny Mpitarika antsika dia Ilay "GPS" (mpanoro lalana) tsara indrindra!

## Famaranana:

Ry mpisantatra, androany isika dia niaina fotoana nahafinaritra tokoa nohon'ny fahafantarana zava-baovao izay tena tsara loatra. Jesosy dia mahalala ny tsirairay amintsika amin'ny fomba manokana tokoa. Tsy ny miseho ivelany ihany fa ny lalina sy ny miafina indrindra ihany koa. Mahagaga toy ny ahoana re izany hoe manana namana akaiky be toy izany e!

Alaivo sary an-tsaina hoe namana izay eo akaikinao mandrakariva, olona izay mahalala ny hehy rehetra, ny ranomaso latsaka rehetra, ary ny fifaliana rehetra izay mikasika ny fonao. Tsy iza izany namana izany fa Jesosy. Ary izany no tena mahafinaritra indrindra, na dia mahalala ny antsipirihiny indrindra mombantsika aza, dia tia antsika amin'ny fitiavana tsy misy fepetra Izy.

Ao amin’ny Baiboly, ao amin’ny Romanina 5:8 “Fa Andriamanitra mampiseho ny fitiavany antsika, fa fony mbola mpanota isika dia maty hamonjy antsika KRISTY.” Tia antsika amin’ny maha-antsika antsika JESOSY.

Androany dia nianatra isika ny amin’i JESOSY Ilay namana tsy mandao antsika mandrakizay, izay eo foana eo amin’ny lalana alehantsika. Miaraka amintsika mandritrin’ny fotoam-pifaliantsika Izy, mampahery antsika rehefa malahelo isika, ary mitarika antsika amin’ny fitiavany tsy manapetra. Ao amin’ny Deotoronomia 31:8, dia manome toky antsika Andriamanitra manao hoe: “ Ary Jehovah no mandeha eo alohanao; ary Izy no hiaraka aminao; tsy handao anao na hahafoy anao Izy; koa aza matahotra na mivadi-po ianao.” Fampaherezana toy ny ahoana re izany mahalala fa Jesosy dia mandeha eo anilantsika mandrakiva izany e!

Alohan'ny hanaovako veloma anareo, ento miaraka aminao ny fahatokiana fa manana an’i Jesosy ho sakaiza sy mpiaro anao indrindra ianao. Amin'ny dingana rehetra ataonao, ny fihomehezana rehetra, sy ny ranomaso rehetra latsaka, tsarovy fa eo Jesosy, amin'ny fitiavana tsy misy fepetra, mikarakara anao sy mitana anao. Tena mahafinaritra ny manana an’i Jesosy mandrakariva eo anilantsika!

## Vavaka famaranana:

JESOSY Malala o! misaotra anao manaiky ho namana mahatokinay ary mitia anay amin’ny fitiavana tsy misy fepetra. Ampio izahay hahatoky ny fikarakaranao tsy tapaka anay ary hahatsiaro mandrakariva fa na inona na inona hatrehinay, dia tsy irery mandrakizay izahay.

Amen.

Misaotra antsika niaraka nifampizara izao fotoana izao ! Enga anie ny fifaliana amin’ny fahafantarana fa JESOSY dia mahalala sy miahy antsika hiaraka amintsika amin’ny andro rehetra.





GENERAL CONFERENCE **YOUTH MINISTRIES TEAM**

